# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 164), Madagasikara 02 novambra 2019

***Matio 22: 29 "Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mahadiso hevitra anareo ny tsi-fahafantaranareo ny Soratra Masina na ny herin'i JEHOVAH."***

Ry mpanompoko, tsy tapaka ny Teniko JEHOVAH! Ry mpihaino ny hafatro sy mangetaheta fandrosoana sy fitomboana ao amin'ny FANAHY MASINA, raiso izay ampianariko anareo ary ekeo izay atolotro anareo. Raha olombelona toa anareo va dia marina? Fa raha IZAHO JEHOVAH mampianatra zavamiafina va dia diso? Hianareo va no mahafantatra ny fomban'ny devoly noho IZAHO? Hainareo va ny fombany? Toa inona izy? Manao ahoana izy? IZAHO no nanome baiko mba ho azero ao amin'ny aizina izy, dia ny lavaka tsy hita noanoa izany. Angamba tsy misy te-ho any ary angamba tsy misy te-hanaraka azy koa. Kanefa dia betsaka no efa lasany sy manompo azy amin'ny endriny maro. Fantatrao ve ny atao hoe voafatotra? Voageja? Izany hoe ny olombelona rehetra tsy manompo an'i JESOSY dia azy. Izany hoe ireo izay rehetra mbola miaina amin'ny fahotana na atao hoe voafatotra sy voageja araka ireo fanazavana teo aloha. Ireo olona mbola manota dia atao hoe gejain'i losifera, fatorany, ampanotany, ataony fitaovana amin'ny faharatsiana, manatanteraka ny sitrapony e! izany indrindra no ananganako mpanompo hamaha ny fatorana na iza izy na iza voafatotra. Na inona na inona mifatotra raha tsy vahana dia tsy mivaha. Noho izany ilaina dia ilaina tokoa ny famahana (délivrance). Inona marina izy io? Famahana ara-panahy ilay asa, asa am-panahy, ady ara-panahy. Tandremo fa tsy hita maso izany fa ilay fatorana kosa dia hita maso: toetra, fomba, fanao. Tsy asa maivamaivana io, tsy asa atao amin'izay tiana hanaovana azy, tsy asa atao amin'ny saina mahaolona, tsy asa atao amin'ny fihevitr'olombelona, tsy asa atao amin'ny anaran' olona na anaram-piangonana, tsy amin'ny fitafiana anaovana fa asa atao amin'ny ANARAN'I JESOSY irery ihany, ***Kolosiana 3: 17*** *"Ary na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny Anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora AHY JEHOVAH Ray amin'ny alalany"*, izany fandroahana fanahy ratsy mandroba olona izany. Aza adino fa raha fanahy ratsy ireo devoly ireo dia ny fanahinao no potehiny voalohany hahafahany manjakazaka eo amin'ny fiainanao. Raha misy olona manao izany asa fandroahana fanahy ratsy izany dia aoka izy ho olona manana ILAY FANJAKAKO JEHOVAH ao anatiny, madio saina, fo, fanahy ary vatana. Izany hoe olona efa vita fibebahana tanteraka. Tsy ny eo ivelany no hitan'ireo devoly ireo fa hianao miaraka amin'ny AFON'NY LANITRA no mampatahotra azy. Izany hoe madio avokoa ny momba anao rehetra, mitafy AFO hianao, dia miala ho azy, mandositra mihitsy ireo fanahy ratsy. Jereo ry Mosesy niaraka tamin'ny AFO fa niaiky hatrany ry Farao, ***Eksodosy 13: 21-22*** *"Ary IZAHO Jehovah nandeha teo alohany tamin'ny andri-rahona raha antoandro hitari-dalana azy, ary tamin'ny andri-afo nony alina ho fahazavana ho azy, handehanany andro aman'alina. Ny andri-rahona tsy niala teo alohan'ny olona raha antoandro, na ny andri-afo nony alina."* Tokony ho tahaka izany koa ireo mpandroaka fanahy ratsy, ireo miasa amin'ireo demoniaka maro isan-karazany. IZAHO JEHOVAH raha manome ireny anarana ireny, anarana fanahy ratsy dia mba ho fanampiana anao, ho fiarahana miasa aminao. Tsy misy hanome anao ireny anie e! sady tsy misy mahalala koa ireny. Ka raha fantatrao ny fanahy mamatotra ny olona, izany hoe tononinao ny anarany sy sady hitany ny AFO eo aminao dia maty avy hatrany io fanahy ratsy io. Fa ny hafatro dia tsotra: aza manome fitoerana ho an'ny devoly, izany hoe aza manota fa varavarana misokatra idirany eo aminao izany. Mora ny mampiditra fa sarotra ny manala. Koa ho anareo izay manao izany asa fandroahana fanahy ratsy izany: tandremo tsara ny toe-panahinareo, ny fitondran-tena fa raha hitan'ireo fanahy ratsy izany dia tsy miala izy fa iomehezany fotsiny hianao. Hianao indray aza no ampijaliany sy isampotenany, mahamenatra izany. Mianara raha mpanao izany asa izany hianao fa aza mandeha amin'ny anaram-panompoana (titre) na misalotra fomba fa mandehana amin'ny herin'ny FANAHY, aza matoky tena fa miasà amin'ny Anaran'i JESOSY mba hahatanteraka ny Teniko hoe ***Marka 16: 17-18*** *"Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy;handray menarana izy; ary na dia misotro zavamahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny"*. Hery sy Fahefana no miasa fa aza mandeha amin'ny fahalalanareo ndrao ireo fanahy ratsy ireo no hamono anareo, hampahory sy hampitahotra indray. Mandehana araky ny Fanhy, ***Galatiana 5: 16*** *"Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo."* Mandehana amin'ny finoana. ***Romana 1: 17*** *"Fa amin'izany no anehoana fahamarinana avy Amiko JEHOVAH avy amin'ny finoana sy ho amin'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: Ny marina amin'ny finoana no ho velona."*Mandehana amin'ny Fitiavana ***I Korintiana 16: 14*** *"Izay rehetra ataonareo dia ataovy amin'ny fitiavana."* Mananà Fahendrena ***Kolosiana 4: 5-6*** *"Mandehana amin'ny fahendrena amin'izay ao ivelany, hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa. Aoka ny fiteninareo ho amin'ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira, mba ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona rehetra."* Aoka ho tarihin'ny Fanahy. Fantatro fa betsaka ny te ho afaka, te-handroso, tehitombo. Aza malaky mitady mpanafaka hianao, ataovy ny fibebahanao eo anatrehako: FANAFAHANA FARATAMPONY izany ary aza manana firaisana amin'ny fanahy ratsy intsony. Ireto indray ary misy anarana fanahy ratsy vitsivitsy izay mamatotra ny olona izay tsy fantatry ny mpanafaka ka dia ela ny asa. Misaotra anao, mahereza. Amen!

Mbola hitohy.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## Kolontsaina sy zava-kanto

# Banga iray indray ny tarika Mahaleo

Banga iray indray ny tarika Mahaleo, tapa-bolana tao aorian'ny nahalasanan'i Fafah, nodimandry tampoka ny alahady teo, teo amin' ny faha-65 taonany koa i Dadah. Nindaosin'ny fahafatesana tampoka ny alahady 3 novambra 2019 tany Antsirabe i Andrianabela Rakotobe, izay fantatry ny maro amin'ny anarana maha mpanakanto azy hoe : Dadah. Tonga an-tanindrazana hamangy azy ray amandreniny ny zanany mipetraka any an-dafy, teo am-pisakafoanana antoandro ny ankohonana no nitambotsotra tampoka i Dadah. Noezahina novonjena tany amin'ny mpitsabo, fa tsy tana ny ainy, na dia natao avokoa aza ny ala nenina rehetra. Mbola vonton'alahelo loatra tamin'ny nahafatesan'i Fafah i Dadah izay namany akaiky, latsa-dranomaso mihitsy ity farany tamin'ny seho «Ny fihavananay » nataony niaraka tamin'i Farakely sy Rakotomalala Ony, taorian'ny fandevenana an'i Fafah, hoy ny manodidina azy, ka mety niantraika tamin'ny fahasalamany izany. Isan'ireo fito lahy mpikambana mpamorona ny tarika Mahaleo i Dadah. Mpamoronkira, mpitendry gitara sady mpihira izy.



*Dadah, anisan'ny henjana tao amin'ny tarika Mahaleo koa.*

Manana tarika, azy manokana, ihany koa izy, Dadah Rabel ary nampiarapeo tamina mpanakanto maro, indrindra ny tanora. 65 taona i Dadah izao nodimandry izao. Dokotera, mpandidy tao amin'ny HRJA Ampefiloha ny asa niandraiketany talohan' izao nahafatesany izao. Telo ireo mpikambana tao amin'ny tarika Mahaleo efa nodimandry talohany, dia Raosolosolofo Razafindranoa na Raoul, nodimandry tao Toamasina ny 3 septambra 2010 ; Andrianabelina Rakotobe na Nônô, nodimandry teto Antananarivo ny 29 aogositra 2014 ; ary Rajaonarison Famantanantsoa na Fafah nodimandry teto Antananarivo ny 20 oktobra 2019. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Ny Valosoa***

## Baolina kitra

# Tratran'ny fihantsiana fanavakavam-bolon-koditra i Marco Ilaimaharitra

Eo amin'ny baolina kitra any ivelany, handraisan' ny mpilalao Malagasy anjara, tratran'ny fihantsiana fanavakavaham-bolonkoditra ny mpilalaon'ny Barean'i Madagasikara, Marco Ilaimaharitra. Hiakiaka sy fihantsiana sy fihetsika fanavakavahambolon-koditra, ireo no nampitaraina an'i Marco Ilaimaharitra tamin'ny lalao nihaonan'ny ekipan'ny SC Charleroi tamin'ny Malines. Rehefa nitaraina tamin'ny mpitsara ny lalao izy dia izy indray no nahazo karatra mavo ho setriny ary ranomaso no nandaozany ny kianja tamin'ny faran'ny lalao. Namaloka ny andro faha-14 amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Belzika (Pro League) amin'ny diviziona volohany, sokajy A amin'ny baolina kitra, io horakoraka fanavakavahana, nataon'ny ampahana mpijery, nihàtra tamin'i Marco Ilaimaharitra io, nandritra ny fihaonan' ny Sporting Club Charleroi klioba ilalaovany sy ny KV Malines. Niezaka nanazava tamin'ny mpitsara afovoany ny zava-nitranga i Marco Ilaimaharitra kanefa izy indray no nahazo karatra mavo taorian'izay. Nirava ady sahala 2 sy 2 moa ny ekipa roa tonta. Mpilalao ao amin'ny ekipa nasionaly malagasy, Barea, i Marco Ilaimaharitra ka vao nandre ny nanjo azy i Andriatsima Faneva Ima, mpiara-milalao aminy sady kapiteny tao amin'ny Barea, dia nandefa hafatra fampaherezana ho azy.




*I Marco Ilaimaharitra, nivoaka an-dranomaso ny kianja.*

***Lita***

## Eglise Voie de la délivrance

# Nanatanteraka fifaninanana baolina kitra tetsy amin'ny kianjan'Andohalo

Ekipan-tsampana sokajy lehilahy eny anivon'ny fiangonana miisa 6, ao amin'ny Eglise Voie de la délivrance, no nifanintsana tamin'ny alalan'ny fifaninana baolina kitra, izay notanterahina tetsy amin'ny kianjan'Andohalo ny zoma tontolo andro lasa teo. Hetsika ara-panatanjahantena, izay karakarain'ny fiangonana La voie de la délivrance eto Madagasikara, ka ny fanamafisana ny fifankatiavan'ny mpino amin'ny alalan'ny fihaonan'ireo mpikambana isaky ny sampana no tanjona hoy ny mpitandrina Rakotomalala Michel. Nanohy nanazava ity tompon'andraikitrin'ny fiangonana Voie de la délivrance ity, fa fialamboly ho an'ny mpikambana ihany koa no antony nikarakarana ny hetsika fanatanjahantena, ka novitaina ny zoma lasa teo avokoa ny fifanintsanana sy ny famaranana ny fifaninana baolina kitra. Marihina fa miisa 73 ireo zanam-piangonana Voie de la délivrance ary mifantoka amin'ny asa fanafahana sy ny fitaizana sy ny fanabeazana ny tanora no mampiavaka an'ity fiangonana ity eto Madagasikara.



*Ny mpitandrina Rakotomalala Michel, avy amin'ny Eglise Voie de la délivrance.*

***Franck Razakambelo***